Depiote TIM 2

**Vonona hampandany ny fitsipaham-pitokisana ny governemanta**

Lisi-pifidianana 3

**Tsy tokony hatao « documents confidentiels » intsony**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 22 febroary 2022 Laharana 1265 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Rivodoza Emnati 6

**Mety handravarava koa hanomboka anio hariva**

Mpomba an-dRajoelina 2

## Sady mpiady aman'olona no mpiady an-trano



Boriboritany faha-5 Antananarivo 7

## Hetran-trano natao kitoatoa



Raharaha TIA SHOP Analakely sy Tsaralalana 2

## Mahatoky ny fitsarana Malagasy i Gu Feng



Beroboka faritra Menabe 6

## Manomboka mirongatra ny andiam-balala



Rajoelina tany Eorôpa 3

**Tsy misy antenaina ny fivahinianany tany**

Antanandrano Avaradrano 6

**Miandahy miambavy ny mpangalatra moto**

Daka kely

Tsy rariny intsony zao, ny an'ny olona tovozina amin'ny Madco, ny an'ialahy isany tovozina amin'ny zinga ry Boaikely a !

MPOMBA AN-DRAJOELINA

## Sady mpiady aman'olona, no mpiady an-trano

Sady mpiady an-trano, no mpiady aman'olona ireo mpomba ny filoha Rajoelina amin'izao fotoana. Nalaza tamin'ny gazety, ny haino aman-jery ary ny tambazotran-tserasera sosialy ny herinandro teo ny ady an-trano eo amin'ny samy mpomba an-dRajoelina: ady teo amin'ny depiote Rossy, sy ny minisitra Lalatiana mivady. Ny ady eo amin'ny depiote Brunelle, sy ireo depiote mpiara-dia amin'ny fitondrana. Izao indray dia nanangan'ady taman'olona manao ny asany ny depiote IRD ao Antananarivo Atsimondrano Andry Ratsivahiny. Nanangan'ady tamina mpampianatra fanatanjahantena, izay mampianatra ny zanany antsoina hoe Bryan. Nanao fanatanjahantena hazakazaka ilay zaza, tsy vitany hatramin'ny farany izany fa nambara fa sempotra izy, nefa hoe mbola nasain'ilay mpampianatra nanohy moramora. Noho izay antony izay, niantso ny rainy, izay depiote ity Bryan ity. Tonga nitratrevatreva tamin'ilay mpampianatra manao ny asany tokoa noho izany ity depiote, ray aman-drenin'ny mpianatra ity. Nanazava anefa ilay mpanabe, fa raha marary ny zanany tokony ho nisy taratasy avy amin'ny dokotera nilaza izany, nefa tsy nisy izay taratasy izay. Amin'ny ankapobeny, saika nanameloka izao nataon'ity depiote ity avokoa ireo rehetra nahita ny video naparitak'ity olom-boafidy ity tamin'ny facebook. Fanimbazimbana ny asan'ny mpanabe izany hoy ny maro. Dia hoy ny gazety hoe: sady mpiady an-trano ireto mpomba an-dRajoelina ireto no mpiady aman'olona ihany koa!



*Ny depiote Ratsivahiny sy ilay mpampianatra fanatanjahantena.*

***Stefa***

Depiote TIM

## Vonona hampandany ny fitsipaham-pitokisana ny governemanta

Tao aorian'ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny avy amin'ny RMDM: Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, ny herinandro teo, tetsy Bel'Air, ka anisan'ny nambarany tamin'izany, fa tokony ho ravana ny governemanta ankehitriny, satria tsy mahavaha ireo olam-bahoaka. Nitondra ny fahitany mahakasika izay ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM tao amin'ny Boriboritany faha-5 Antananarivo Renivohitra, sady filohan'ny Vondrona Parlemantera Tiako i Madagasikara. Nambarany fa vonona handany ny fitsipaham-pitokisana, na motion de censure ny governemanta ny solombavambahoakan'i Madagasikara avy amin'ny antoko TIM, raha hatao eny Tsimbazaza izany ho fanesorana ny governemanta izany, na ho avy aminay solombavambahoaka TIM hoy izy, na ho avy amin'ireo solombavambahoaka mpanohana ny fitondrana. Tsy ny fitsipaham-pitokisana ny governemanta fotsiny ihany anefa no imasoana hoy ity olom-boafidy ity, tsy ampy izany, fa ny fanonganana ny filoham-pirenena, na ny "motion de déchéance" ihany koa dia tokony handraisan'ny Fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana (HCC) andraikitra. Efa latsaka an-katerena tanteraka tokoa ny firenena amin'izao fotoana, tsy misy mandeha amin'ny laoniny ny ataon'izao fitondrana Rajoelina izao, ka rariny raha miala, na hesorina izy ireo. Efa ho tonga ny fotoana, hakan'ny tompom-pahefana dia ny vahoaka, ny fahefana nampindramina an'izy ireo.



*Ny depiote Fetra, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5, filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM.*

***Stefa***

Sendikàn'ny mpitsara

## Hampanjaka ny marina ny firaisankinan'ny ao amin'ny SMM

Nanao fanambarana ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara (SMM) ny faran'ny herinandro teo, nasongadin'izy ireo fa ny firaisankinan'ny mpitsara dia ny mba hampanjaka ny marina:

Mpitsara miisa 148 miasa eto amin'ny faritanin'Antananarivo no tonga nanonjy ny fivoriambe voalohany notarihin'ny Filohan'ny SMM, Mbitanarivo Andriantsihorisoa ny zoma teo, tao amin'ny Fitsarana Tampony Anosy.

Rehefa nidinika ora roa izy ireo dia niray feo, ka nanapaka ireto hevi-dehibe ireto :

-Resy lahatra ny mpitsara fa maro ny ezaka tsy maintsy atao, entina hanatsarana ny endriky ny Fitsarana eo imason'ny vahoaka malagasy. Vonona araka izany ny SMM ny hitondra ny anjara birikiny, araka izay andraikitra tandrify azy, hiadiana amin'ny kolikoly sy ny fahalovana amin'ny endriny rehetra.

-Tsikaritra anefa fa manimba ny ezaka rehetra atao ny fanomezana baiko tsy ara-drariny ny mpitsara koa tsy azo ekena ny fampiasana ny fahefan'ny Ministera, sy ireo izay rehetra mihevitra manana fahefana, itadiavana tombontsoa tsy ara-dalàna, ka mitsabaka tsy ampisalasalana amin'ireo raharaham-pitsarana isan-karazany . Mila filaminan-tsaina koa ny mpitsara eo ampanatante rahina ny asany, ka tsy ampiasaina amin'ny tsy rariny ny fahefana manasazy sy mamindra toerana azy.

-Mazava fa ny fanomezana ny mpitsara tsirairay ny zo mifandraika amin'ny adidy mavesatra napetraka aminy, no antoka ho an'ny Firenena hanana Fitsarana madio sy mahaleo tena ho tombony ho an'ny vahoaka malagasy.

-Mametraka ny SMM, fa ny ho Minisitry ny Fitsarana vaovao dia tokony ho mpitsara mahitsy, ambony grady, ampy traikefa noho izy efa niasa tamin'ny ambaratongam-pitsarana rehetra, manana ny fahaiza-manao sy fahaiza-mitarika ary vonona ny hiady ho an'ny fahaleovantenan'ny Fitsarana.

-Maneho firaisankina ho an'ireo mpiasan'ny Fitsarana tra-boina noho ny fandalovan'ny rivo-doza nifanesy, indrindra ireo any Mananjary sy Ikongo ny SMM, ka hisy ny hetsika ho fanampiana azy ireo.

-Farany, mbola hisy fivoriambe any amin'ireo renivohi-paritany 5 hafa, hakana ny hevitry ny mpitsara rehetra manerana ny Nosy.

***Nangonin'i Niaina***



*Ireo mpitarika ny SMM tetsy Anosy.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Rajoelina

## Ny politika sy ny antokony aloha vao ny vahoaka ny azy ireo

Miharihary mazava ankehitriny, fa ny antoko eo amin'ny fitondrana mihazom-pahefana amin'izao fotoana izao tarihan-dRajoelina, dia mametraka ho ambony ny antokony sy ny tombontsoan'ny antokony aloha, vao ny tombontsoa sy ny fitsinjovana ny vahoaka. Maneho izany ny zava-nitranga eo anivon'ny samy olon'ny antokon'ny fitondrana tamin'ny zavatra nambaran'ny solombavambahoakany raha ny vahoaka any aminy iharam-pahavoazana be sy ireo distrika mitoka-monina aloha no tokony hotsinjovina maika, fa tsy ny fitaterana mihantona an-drenivohitra. Ity fitaovam-pitaterana ity izay tsy mahamaika ny mponin'Antananarivo ity akory, fa mahamaika mafy sy ihazakazahan'ny mpitondra. Mbola adihevitra iray lehibe tsy mitsahatra iny, fa ny tsapa mazava aloha eto dia ny fitondrana amin'izao fotoana izao sy ny antokony dia ny antoko aloha, ny politikany, vao ny vahoaka eo amin'ny fitantanam-pirenena. Mazava loatra, fa fihatsarambelatsihy, mba tsy ilazana hoe famitahana tsotra izao, ny vahoaka malagasy, ny filazana hoe « ny tombontsoa ambonin'ny firenena », no ambaran'izy ireo ombieny fa tsinjoviny. Porofo iray lehibe mitohoka amin'ny tendany io, rehefa takarina tsara ny hevitra ambadika, tamin'ny fihetsik'izy ireo avy amin'ny ady antranony ao.

Manampy izany, ny tsy fahaizana hatrany misahana ny fitantanana mazava sy mitovy ny fitsinjarana, rehefa misy fanampiana atao amin'ny vahoaka. Efa aretin'izao fitondrana izao ny tsy fahaizana mitsinjara, sa iniana ikimpiana fotsiny izao ny tsy fahaizana mifehy izany. Efa niseho io tranga io nanomboka tamin'ny taona 2020 no mankaty, ao anatin'ny fanampiana ara-tsosialy ny vahoaka lasibatry ny valanaretina covid-19. Tsy ny rehetra tokony hahazo izany no nisitraka, ary dia nisy ny niala-maina mandraka ankehitriny ao anatin'izany. Tsy mivaky loha amin'ireo ny fitondrana sy ireo tomponandraikitra rehetra ao anatin'izany. Mbola mitohy ihany izany ary niseho niharihary indray ao anatin'izao fisian'ny loza voajanahary izao, sy ny amin'ireo traboina. Misy tsy voajery sy tsy mahazo fanampiana, ary raha mahazo aza dia kely noho ny an'ny hafa nomena tany amin'ny toeran-kafa. Midika tsotra izao ho tsy fahaiza-mitantana izany, fa misy fiangarana sy zary toa fanaovana zanak'Ikalahafa ve, hoy ny sasany alaim-panahy mahita ny zavamisy ?

Ny toe-javamisy rehetra ankehitriny, dia maneho ny amin'ny tsy fifehezan'ny fitondrana mitantana ny firenena. Zary mbola noezahiny notakontakonana ihany izany teo aloha, fa nahariharin'izao fisiana toetrandro ratsy izao sy ny vokany. Efa fantatry ny mpamakafaka sy mpandinika ny raharaham-pirenena no hataony indray izao, dia ny fitadiavana raharaha hanariana dia ny vahoaka tsy hifantoka be amin'izay tsy fahombiazany izay. Ny vahoaka anefa efa mahalala tsara izany ary manomboka tsy azo ambakaina sy fitahina intsony, fa efa be loatra izay nitranga izay.

***Sôh'son***

Tanora Arema

## Nanatanteraka asa tagnamaro teny Atsimondrano

Rehefa avy nitety ireo boriboritany teto an-drenivohitra dia niazo ny distrikan'Antananarivo Atsimondrano indray, nanomboka omaly ary haharitra 5 andro ny asa tagnamaro ataon'ny tanora Arema. Tao Malaho Bevalala, no nanombohana azy, tamin'ny fanadiovana tatatra, nitohy tany Tongarivo ny asa, ka fanalana tsikafona tamin'ny toerana, izay efa namoizana ain'olona no nanaovana ny asa. Io toerana io izay namoy ain'olona nandritra ny fotoana niakaran'ny rano ireny.

Tanora Arema 76 no nanao ny asa . Faly ireo vahoakan'ireo fokontany, izay nisitraka izao asa tagnamaro avy amin'ny antoko Arema izao ary nankasitraka ny sekretera nasionaly Ramatoa Annick Ratsiraka, tamin'ny nitondrany fanadiovana izao. Nanamafy ihany koa ireo vahoaka nisitraka ny fanadiaovana, fa noho ny fandrenesan'izy ireo izao hetsika ataon'ny Tanora Arema izao dia izy ireo mihintsy no niantso ny Arema, mba ho avy hanao ny asa tagnamaro eny aminy ihany koa. Tsy hijanona hatreo fa hitohy amin'ny distrika hafa ny asa.

***Stefa***



*Ny asa tagnamaro nataon'ny Tanora Arema teny Antananarivo Atsimondrano.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Zava-bitan'ny fitondrana Rajoelina

# Sady tsy misy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka no tsy mitondra fampandrosoana azo tsapain-tànana

Mihevitra ny Malagasy ho tsy mahafantatra izay tena mahasoa azy mihitsy izao fitondrana tarihan-dRajoelina Andry izao. Ireo miezaka manohana sy manindrahindra izay zava-bitan'ny fitondrana dia mody tsy mahita na jamba mihitsy, satria izay vita rehetra dia lazaina fa goavana sy mendrika ny vahoaka manerana an'i Madagasikara. Niarahanahita ny fandaharana tao amin'ny fahitalavitra iray, ka niarovany ireo tetikasan'ny filohan'ny Repoblika. Tsy misy afaka mandà fa tsy ho vita indray andro na iray volana na herintaona ny fampandrosoana, fa rehefa jerena ny zava-bitan'izao fitondrana izao tao anatin'ny telo taona dia sady tsy misy fiantraikany eo amin'ny fiainam-bahoaka no tsy mitondra fampandrosoana azo tsapain-tànana ho an'ny Firenena kanefa dia nihazakazahana, fa hoe hitondra fivoarana ny faritra hanaovana izany. Hanaporofoina izany ny Làlampirenena faha-5 A izay efa nametrahan'ny filohan'ny Repoblika « vato fototra » fanindroany, satria efa nametraka « vato fehizoro » tany ny filohampirenena teo aloha, Rajaonarimampianina Hery. Mbola mampikaikaika ireo mpitatitra mpampiasa izany làlana izany ny haratsiany, satria mitarazoka tsy mety vita na dia efa roa taona mahery aza no nametraka izany « vato fototra » izany ny filohan'ny Repoblika. Torak'izany koa ny Làlam-pirenena faha-13 sy faha-10. Rehefa dinihana dia nitondra fampandrosoana sy fampivoarana ny fiainan'ny mponina rehetra eto, tsy maninona ato amin'ny Faritra Analamanga, ve ny nahavitan'ny « colisée » sy ny « kianjan'ny Barea » tao anaty fotoana fohy sady nandaniana vola be ? Etsy ankilany koa dia nirehareha ity tomponandraikitra ao amin'ny minisiteran'ny mponina ity, fa nahavita làlana « pavé » tany amin'ny kaominina na distrika vitsivitsy tany amin'ny Faritra. Nasongadiny manokana ny zava-bita any Sambava any, izay distrika iray ao anatin'ny sivy ambinifolo ambizato manerana ny Nosy. Niaro ny tetikasan'ny filohan'ny Repoblika momba ilay "télépherique" hapetraka eto an-drenivohitra koa ity mpanohana ny fitondrana ity, satria hono, mba ho afaka mitazana ny tanànan'Antananarivo avy eny ambony eny ny olom-pirenena. Ny mahavariana dia fahafinaretan'ny maso ao anatin'ny minitra vitsivitsy izany no hibabena trosa mandritra ny taona maro. Raha resaka fifamoivoizana indray no dinihana dia tsy hampihena ny isan'ny fiarakodia eto an-drenivohitra velively ny fisian'ny teleferika. Tsy hahafahana manamboatra ny làlana efa tena mampikaikaika ny mpitatitra sy ny mpampiasa azy ny fitaterana hisidisidina eny an'habakabaka eny. Nanamafy ity tomponandraikitra ity fa efa an-dàlana ny fanampiana ny any amin'ny distrikan'Ikongo, ka matoa nisy izany fizarana vary amin'ny kapoakana "madco" sy menaka amin'ny kapsily izany dia satria tsy misy ny làlana, ka tsikelikely ny nahatogavan'ny fanampiana, kanefa hono, tsy mampino izany vaovao miparitaka izany. Efa vary enimpolo taonina, hono, no tonga any Nosy Varika kanefa nisy ny rotaka sy fandrobana ny toerana nitobian'izany noho ny fizarana mitanila nataon'ny manampahefana any. Rehefa nanontaniana ity tomponandraikitra ity momba ny ady anatiny ao amin'ny mpanohana ny fitondrana dia namaly izy, fa ny eo anivon'ny mpanohitra no hiparitaka ato anatin'ny fotoana fohy. Araka izany dia mbola miaina sy mijery "video" foana ireo mpanohana ny fitondrana amin'izao fotoana izao, ka asa izay hanjo azy ireo rehefa hitany fa mifanohitra amin'ireny no iainana eto amin'ny Firenena.

*Andry Tsiavalona*

---

**LISI-PIFIDIANANA**

# Tsy tokony hatao « documents confidentiels » intsony

Amin'ny volana Janoary 2024 dia izay Filohampirenena voafidy manaraka eo no hitondra antsika, raha ny voalaza ao amin'ny lalampanorenana dia tsy maintsy mametrapialana mialoha ny filoha amperinasa raha mbola sahy hirotsaka, izany hoe azo antoka izany,fa manomboka ny volana Septambra 2023 dia efa tsy filoha intsony Ingahy Rajoelina raha mbola hifanina.

Tsy ela dia ho tonga io fotoana io, satria isika izao efa hamarana ny volana faharoa amin'ny taona 2022 sahady. Mila miomana amin'ny fiatrehana izany fotoandehibe izany avokoa ny olompirenena rehetra.

Mikasika ny '' Ceni '' na ny Vaomieram-pirenena ''Mahaleotena'' mikarakara ny fifidianana dia io efa iaraha-mahita io ny firafiny, fa dia maro an'isa ny olon'ny fitondrana amin'izao fotoana izao, ka asa raha mbola mety hisy ny mpikambana tsy manaiky lembenana toa an'Andriamatoa Rakotonarivo Thierry ao.

Marihina fa ny lalampanorenana amin'izao fotoana izao dia mampiseho mazava fa tsy maharaleo tena ny "Ceni", satria na ny mikasika ny tetiandrom-pifidianana aza dia tsy manantsafidy ny "Ceni", fa tsy maintsy ny fitondrana mpanatanteraka ihany no tompon'ny teny farany. Ny fanazavana nentin'Ingahy Filoha lefitra Andriamalazaray dia mampiomehy araka ny fitenin-jatovo, izay nanambara fa tsy ho vita hono ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana, satria tsy misy ny vola hanaovana azy, ka miandry ny fanapahankevitra avy amin'ny fitondrana hono, mikasika izay vola izay.

Ny lalàna dia mazava fa isaky ny 10 taona no atao ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana na " refonte", ny taona 2012 no nisy farany noho izany dia tokony ho amin'ity taona 2022 ity izany ny fanavaozana tanteraka. Nambaran'ny "Ceni" fa ny fanitsiana isantaona ihany no atao aloha izao.

Tsy mitombina ny fialana bala izay manilika ny tsy fanaovana ny fanavaozana tanteraka amin'ny resaka tsy fananambola, satria rehefa lalàna io dia tsy maintsy atao, ary tokony hitady izay fomba rehetra ahavitana izany fanavaozana tanteraka izany ny fitondrana, raha ny mety dia tokony heverina ho toy ny tsy misy intsony ny lisi-pifidianana amin'izao fotoana izao, izay efa fantatra fa feno '' doublon'' sy nahafahan'ny matoatoa nifidy ihany koa. Noho izany dia tsy tokony hatao intsony ny fanitsiana isan-taona na ''Ral'' fa mandany vola fotsiny.

Hanomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fivoriana ara-potoana voalohany ho an' ireo fahefana mpanao lalàna dia ny Antenimera roa tonta izany, fivoriana natao hanitsiana ny lalàna mifehy ny teti-bola 2022 izay efa nolaniana tamin'ny fivoriana ara-potoana faharoa nifarana ny volana Desambra 2021, tokony hatao laharampahamehana ny fampidirana ao anatin'ny teti-bola hanaovam-panitsiana ny mikasika ny fanoloana tanteraka ny lisi-pifidianana, satria efa voafaritry ny lalàna ny tsy maintsy hanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana isaky ny 10 taona, ka izay manao fihetsika mifanohitra amin'izany dia mpanitsakitsaka ny lalàna velona mendrika ny ho saziana henjana.

Kanefa na hisy aza izay fanovana tanteraka izay dia tokony ho mailo hatrany ny olompirenena rehetra, satria ho azo antoka ve raha fanovana tanteraka no atao, fa tsy fanitsiana toy ny isantaona, dia ho foana ny hosoka ao amin'ny lisi-pifidianana. Sarotra ny mahatoky ny saka satria trondro ny laoka, ny Ceni sy ny Hcc ary ny Minisiteran'ny Atitany dia ampelatanan'ny mpitondra ankehitriny avokoa, ary azo inoana fa tsy maintsy hanao banga mihomehy alina izy rehetra ireo, hanao mihoatra noho ny nataon'ny teo alohany.

Vahaolana tokana ihany no azo antoka fa hampadio ny lisi-pifidianana dia ny fanovana ny lalàna, izay manasokajy ny lisi-pifidianana ho "documents confidentiels", tokony hovaina ny lalàna ho lasa "documents" misokatra ho an'ny rehetra ny lisi-pifidianana, azo hatao petadrindrina any amin'ny biraom-pokontany ho hitan'ny rehetra, amin'izay dia ho raisim-potsiny ireo mpifidy tsy ao anatin'ny fokontany misoratra ao amin'ny trano tsy itoerany akory.

*Ny Valosoa*

---

**facebook NY VALOSOA** Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Tsy misy antenaina amin'ny fivahinianan-dRajoelina tany Eorôpa farany teo

**Batoto Mpikotrana:** niresaka tamin'ny vazaha maro be hono prezdà tany. Fa angaha moa vao androany io no niresaka tamin'ny vazaha sy niara-naka sary tamin'ny vazaha fa nitondra nakaiza? Fa tsy vazaha ve moa ilay nidedadedahana tamin'ny fampisehoana ilay IEM tany ivelany ireny, fa nampiova ny firenena ho lasa manimona izany rehefa azo ilay fitondrana? Ary aiza ho aiza ilay Vava be hoe EFA VONONA NY VOLA, VONONA NY TEKNISIANA? Telo taona aty aoriana mbola mikiladilady mangata-bola, mitalaho misoleladelaka amin'ireto vazaha satria te hahazo vola.

Liana ny vazaha, liana amin'ilay hoe: mba iza loatra no filohan'izany firenena mahantra indrindra izany, liana amin'ny hoe mba iza loatra ilay nampitotongana ny harin-karena ho -7,13% izany? Ao ireo te hanontany angamba hoe: ahoana ny teknika fandoaram-bary ho an'olona maromaro nefa tsy misy milatsaka? Mety ao koa no liana amin'ny resaka voly vary hoe ahoana no mahatonga ny varinareo ho 2 taona vao miakatra? Ao ireo liana amin'ny resaka fiompiana, omby vositra mbola vitantsika ny mampiteraka azy. Betsaka ny mahaliana ny olona e! Ny sasany te hahafantatra ilay teknika fizarana menaka amin'ny kapsily, ny sasany variana amin'ilay fizarana vary amin'ny Madco, hafa kely sy mahaliana. Ny sasany angamba liana amin'ny hoe amin'ny fomba ahoana ny fakana sary manoloana ny vatofototra iray nefa tsy atsangana akory ilay orin'asa? Ny tena mety nahaliana ny sasany tao aza angamba dia ny hoe: amin'ny fomba ahoana no hamokarana moto, fiara nefa ny orin'asa mbola tsy mitsangana? Raha ny firesahan'ingahy io amin'ny vazaha no nampandroso efa tanteraka ilay faminaniana novohizinareo iny e! Sangany aty Afrika moa sa ahoana? Na hiara-haka sary amin'ny vazaha mandra-pahatapitry ny mandat aza tsy mitondra ny firenena mankaiza izany e! Andramo! Efa manao moa ianareo io ko. Ary mba nankaiza daholo ilay vazaha naderadera tamin'ilay IEM marina aloha e?

**Solo Namana:** ILAY IEM AZA TENA VAZAHA MAROBE NO TEO. NAMPANANTENA, KAY RESA-DRIVOTRA FOTSINY.

**Justin Maho:** tsy misy raha antenaina tamin-dRajoelina tany Europe takeo iny.

**Soloniriana Ramananjato: Solo Namana:** LE VAZAH KOA ZANY MORA MANADINO NY RESAKA NATAO TAMINY KOSA É.

**Zaan Paul Tim Randrianary:** mba sary nandray vola t@ comorien fanampiana tokony haseho, hihihiiiiii!

**Rainy Bary:** resy lava Ravalo 4 L, sioka tokana lelikee, loozaa!

**Sambilo Sambilo: Rainy Bary:** ny azy aza 4L, fa an'i 13 vary madco sy menaka kapisily ! Ioza ! kkkkk!

---

**TONONKALO**

## Aotra roa ny vokatra

Fa lany "atidoha" ve ny fitondrana
Sa inona marina no mitranga,
No ela dia ela ny fanovana
Sy ny fanentsenana iretsy banga ?

Moa ingahy filoha tsy matoky ny olony
Sa be ny safidy ka mahavàka,
No toa iretsy lasa, tsy misy solony,
Fa ny eo ihany no misabaka ?

Ry veta sy ny patsa fotsiny aza
Dia mbola mitoetra eo avara-patana,
Kanefa dia tena efa ratsy laza
Sy mpamboly ady efa hita vatana !

Be no efa tena leo azy ireo,
Ireo mba mpiara-mikatroka tany aloha,
Ka dia efa mivory, mampiaka-peo
Mba ho tonga any an-tsofin`ingahy filoha !

…Ary moa tsy efa tapitra raha isaina
Ireo volana enina nitsapana?
Ny vokatra anefa raha toa tsaraina
Dia tena "aotra roa" ary igagana !

Ka na mbola ho avy ny fanovana
Sy ny fikasana ny hanavao,
Dia ambara fa lo ito fitondrana
Ary "tsy tafa" intsony raha mbola izao !

*TSIMIMALO (21-02-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

**Ilay fivarotana TIA Shop etsy Analakely sy Ilay sinoa Gu Feng ary ireo mpisolovava azy tetsy amin'ny BC Anosy ny sabotsy teo.**











**Filazan-ketra kitoatoa ataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra.**




**Manomboka mirongatra ny andiam-balala any Beroboka, faritra Menabe.**





## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Nanatitra fanampiana mivantana tany Mananjary ny Frantsay, tamin'ny alalan'ny Ambasadaorony monina sy miasa eto amintsika.**





**Ny asa tagnamaro nataon'ny avy amin'ny tanora Arema tany Antananarivo Atsimondrano.**





### Baolina kitra Avaradrano"

## Ny ekipan'Ambohimangakely no nahery



*Ny ekipan'ny kaominina Ambohimangakely teny Ambohidratrimo.*

Tontosa teny amin'ny kianjan'Ambohidratrimo, tamin'ny alahady 20 febroary 2022 teo, ny lalao famaranana ny fifaninanana baolina kitra « Inter-Communale District Avaradrano", nifanandrinan'ny ekipan'ny kaominina Ambohimangakely sy ny ekipan'ny kaominina Alasora, hany tafita tamin'io famaranana io tamin'ireo ekipa kaominina niisa 13 nandray anjara tamin'io fifaninanana io. Resin'ny ekipan'ny kaominina Ambohimangakely tamin'isa 3-2 ny ekipan'ny kaominina Alasora tamin'izany, teo amin'ny fe-potoana 90 minitra ara-dalàna. 1-1 no isa tazana teny amin'ny « tableau » teo ampialantsasatra.

Marihana fa ny seksiônan'ny baolina kitran'Avaradrano tarihan'ny filohany, Razafimahefa Luc, no nanatontosa ny fifaninanana hahafantarana izay ekipa iray hanampy ny Brothers Soccer avy any Ambohimalaza, ka hisolotena an'Avaradrano amin'ny fifaninanana rejiônaly 2021/2022 karakarain'ny ligin'ny baolina kitra eto Analamanga.

Lasan'ny ekipan'ny kaominina Ambohimangakely araka izany, ny amboara sy lelavola 1.000.000 Ar niaraka taminy.

Marihana fa samy nitondra mpijery baolina maro tamin'ny fitaterana azy ireo tamin'ny fiara, nankeny Ambohidratrimo ireo kaominina roa ireto.

**Rainilita**

### Tsipy kanetibe Fsbm

## Ireo vokatra tamin'ny « Open de la Ligue d'Analamanga »



*Ireo mpandresy teny Ivato.*

Tontosa tamin'ny antsakany sy andavany ny fifaninanana tsipy kanetibe, « Ekipa lahy sy vavy niisa 61 no nandray anjara ary mpilalao 20, teo amin'ny « Open de la Ligue d'Analamanga », notontosaina teny amin'ny boulôdrome Bani Ivato tamin'ny tamin'ny sabotsy 19 sy tamin'ny alahady 20 febroary 2022 lasa teo.

Teo amin'ny sokajy olotelo miaraka lehilahy dia ekipa 39 no nandray anjara tamin'ny fifaninanana, ka nahazo ny fandresena ary nibata ny amboara sy ny TV28" avy ary ny lelavola 300.000 Ar, ny Club ABMI (Tahiry, Tendry, Balotelli).

Teo amin'ny sokajy « Senior dames » dia ekipa niisa 22 no nandray anjara tamin'ny fifaninanana « Tête à tête dames », izay nibatan'i Do ny amboara sy ireo loka hafa niaraka taminy.

- Teo amin'ny fifaninanana « Tir de précision » kosa dia mpilalao nahatratra 20 isa no nifaninanana, ka tafavoaka ho tompondaka i Tafita avy amin'ny ABMI nahazo ny TV 19".

**Rainilita**

### Baketball Analamanga

## I Cyrille mpanazatra no voatendry ho CTR

Fantatra teo anivon'ny ligin'ny basketball eto Analamanga, fa natao ho « Vice-Président par Intérim » eo anivon'ny kômitim-pitantanana an'ity rafitra ity Andriamatoa Rasolofoson Cyrus.

Notendrena ho « Manager General » ao aminy kosa Andriamatoa Razafitrimo Honty ary eo amin'ny toeran'ny « CTR » Andriamatoa Rasoloarijaona Cyrille.

**Rainilita**



*Mpitantana Basikety Analamanga.*

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Tel. 034 79 076 00

RAHARAHA TIA SHOP ANALAKELY SY TSARALALANA

# Mahatoky ny fitsarana Malagasy i Gu Feng

***Niseho teny amin'ny polisin'ny BC Anosy i Gu Feng ny sabotsy teo, tsy misy ny fitoriana azy teny an-toerana, fa i Miora no mitory an'i Prisca. Manoloana ny fisiana avis de recherche na fitadiavana na fanaovana hazalambo an'i Gu Feng ny zoma teo, niseho teny amin'ny polisy ity farany ny sabotsy ihany, niaraka tamin'ny mpisolovava azy, gaga izy ireo fa tsy misy fitoriana azy ao amin'ny polisy etsy amin'ny BC Anosy, tsy misy koa ny fitadiavan'ny fampanoavana azy. Toy izao ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ireo mpisolovava an'ity sinoa ity, Me Hoby Andriniaina sy Me Rasolovoahangy Ony ary Gu Feng tao aorian'izay:***

**-Mpanao gazety (MG): naninona no tonga tety amin'ny BC nareo sy Gu Feng?**

**-Mpisolovava (MV):** ny zava-misy izany dia miady Ramatoa Miora sy Ramatoa Prisca, mitory an'i Madame Prisca Madame Miora ety amin'ny polisy, fa tsy fitoriana ny olona arovavay dia i Gu Feng. Dia gaga izahay hoe: izahay indray no ifampitadiavana eto amin'ity Madagasikara ity, nefa tsy misy mihitsy fitoriana azy, tsy misy koa na ny baiko avy any amin-dRamatoa Procureur na Ramatoa mpampanoa lalàna hoe: ity olona ity hatao ny fitondrana azy mankaty aminay na ST ny filazana azy. Fa tsy misy anaran'ilay olona arovanay mihitsy ao anatin'ilay fitoriana, dia gaga izahay ankehitriny hoe: inona izany no andehanan'ny olona arovanay aty?



*Gu Feng (afovoany), sy ireo mpisolovava azy, tetsy amin'ny BC Anosy ny sabotsy teo.*

Gaga izahay amin'ity raharaha ity hoe: atao hazalambo na karohana Gu Feng, nefa ny tena fandehan'ny tantara dia toy izao: i Madame Hanta no tompon'ilay tany ao anatin'ny juridique dia i Liu Zhou no nanao an'ilay trano eo Analakely sy Tsaralalana. Avy eo anefa tao anatin'io fifanarahana io dia i Liu Zhou no manofa ilay trano mandritra ny 20 taona, io 20 taona io mbola tsy tapitra hatramin'izao. Ao anatin'ny contrat ao koa anefa dia mazava tsara fa hoe: raha sanatrian'izany maty Liu Zhou, dia ny zanany vavy tokana Liu Chiran no manohy ilay fampanofana ilay tsena dia anjaran'i Liu Zhou indray no mampanofa an'ilay tsena dia Liu Zhou izany no tokony handray ny hofantsena rehetra. Akory anefa ny hagagan'i Liu Zhou taty aoriana fa nanao contrat indray i Madame Hanta sy Madame Miora dia tao aorian'izay dia lasa hoe: i Madame Miora indray izany no manofa ny tsena nanomboka tamin'ny 7 janoary 2021, zavatra tsy ara-dalàna izany. Nitory i Liu Zhou, nitory an'izy roa tonta dia izany no anisan'ny nahavoaenjika an'izy roa tonta teo anivon'ny fitsarana. Rehefa voaenjika ry zareo teo anivon'ny fitsarana dia nangataka ny annulation na fanafoanana an'io contrat io indray i Madame Hanta. Mandeha ny procedure ankehitriny, midika izany fa tsy rariny ary tsy ara-dalàna ny contrat izay nifanaovan'izy roa tonta io. Isika miteny izao izany, dia ny zanak'i Liu Zhou izay antsoina hoe: Liu Chiran, io no tena manana zo haka ny hofantsena amin'izao isika miteny izao. Io Liu Chiran io anefa dia efa nanome procuration ara-dalàna ho an'ny olona izay arovanay Gu Feng, izany hoe i Gu Feng izany no manana fahefana tokony hitaky ny hofan-tsena amintsika miteny izao, nefa ny mifanohitra amin'izay no zavatra mitranga fa i Madame Miora indray no mitaky io hofan-tsena io. Ny ordonnance d'expulsion izay navoakan'ny teo an-toerana anefa dia amin'ny anaran'i Madame Hanta, nefa gaga izahay hoe: i Madame Miora no mitsofoka ao an-toerana. Ny plainte izay nanantsoina anay aty amin'ny polisy dia mikasika an'i Prisca, ao anatin'io plainte io izany tsy misy manonona mihitsy an'i Gu Feng, fa i Prisca sy Miora no miady dia nefa ny olona izay arovanay Gu Feng no atao hazalambo na karohana. Ataonay angamba fa tsy rariny izany. Tonga eto amin'ny polisy ny olona izay arovanay Gu Feng, midika izany fa tsy misy zavatra atahorany.

**-MG: misy ilay resaka hoe procuration na fanomezan-dalana, ahoana ny mikasika an'izy io?**

**-MV:** izahay mpisolovava, tsy mahazo manome pièces anareo mpanao gazety fa any anatin'ny procedure misy procuration avy amin'ny zanaky ny maty Liu Zhou, nomena ny olona arovanay mianadahy dia i Gu Feng.

**-Voalaza fa hoe matin'ny coronavirus I Liu Zhou, inona no azonareo mpisolovava hambara mahakasika izany?**

**-MV:** mahakasika ny hoe matin'ny corona i Liu Zhou, misy dossier mihitsy ato, nanao fanontaniana mila valiny tany anivon'ny Hopitaly tamin'izay andro izany sy tamin'ny polisy izahay, fa io olona io dia tsy nanana dossier medical mihitsy tao amin'io Clinique izay nahafatesany io. Lainga izany ilay filazana fa tratran'ny covid-19 izy tamin' izany fotoana izany. Fa tsy nisy dossier medical porofo tao hoe: tena tratran'ny covid ilay olona, ka izany no nahatonga anay manadihady, inona marina no tena nahafatesan'ilay olona io ary nampidiranay procedure contre an'i Miora sy i Prisca, satria ry zareo no nifamezivezy tao, ry zareo no manana intéret nisian'iny loza iny.

**-MG: Andriamatoa Gu Feng, inona no azonao hambara momba ity raharaha ity?**

**-Gu Feng:** mahatoky ny tsirana Malagasy aho, mahatoky fa mijery ny rariny izy ireo, misaotra!

***Isambilo***

Rivodoza Emnati

# Mety handravarava koa hanomboka anio hariva

Araka ny vinavinan'ny ao amin'ny sampana mpamantatra ny toetrandro eny Ampandrianomby Antananarivo, mety hiditra anio hariva eto Madagasikara ny rivodoza Emnati, ary mety handravarava ko aizy amin'izao mety hidirany eto amintsika izao, satria matanjaka ny rivotra entiny. Omaly hariva , tany amin'ny 400 Km Atsinanana somary Avaratra Atsinanan'i Toamasina no nisy ny foibeny. 155 Km/ora ny rivotra entiny, izay arahina tafiotra 220 Km/ora. Mikisaka miakandrefana somary Atsimo Andrefana izy ka mahafaka 11Km/ora. Tombanana hiditra an-tanety eo anelanelan'i Vatomandry sy Farafangana anio hariva, na ny alina izy amin'ny tanjaka "Cyclone Tropical Intense" na Rivodoza Mahery Vaika (180 Km/ora). Hamakivaky ny afovontany i Emnati aorian'izay ary vinavinaina hivoaka an -dranomasina any amin'ny Lakandranon'i Mozambika, ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, any Ampanihy any ny alarobia.

Noho izany dia miova ho toy izao ny filazana loza :


Filazana loza manambana miloko mavo: ANALANJIROFO, ATSINANANA, VATOVAVY, FITOVINANY, ATSIMO ATSINANANA, ANOSY, VAKINANKARATRA, AMORON'i MANIA, MATSIATRA AMBONY, IHOROMBE, MANGORO, MANJAKANDRIANA, ANDRAMASINA, ANTANANARIVO AVARADRANO, ANTANANARIVO ATSIMONDRANO, ANTANANARIVO RENIVOHITRA, AMBOHIDRATRIMO ary ARIVONIMAMO.

Filazana loza fanairana miloko maintso : BONGOLAVA, MENABE, ATSIMO ANDREFANA, ANDROY, ALAOTRA, ANJOZOROBE, ANKAZOBE, SOAVINANDRIANA ary MIARINARIVO.

Mety hatanjaka kokoa noho ilay rivodoza Batsirai farany teo i Emnati, ka ahiana havesatra ny takaitra havelany raha ratsy ny fiomanana, satria hahakasika faritra marefo izy ity amin'ny ankapobeny.

Iangaviana araka izany ireo mponina voakasiky ny filazana, mba hanaraka tsara ny toro-marika omen'ny manam-pahefana isan-tokony. Ny mpampiasa ranomasina amin'ny morontsiraka Atsinanana rehetra dia iangaviana mba tsy hiandriaka mandrapahalasan'ny loza.

***Niaina***





*Ny toerana nisy ny rivodoza Emnati omaly, sary tamin'ny zanabolana.*

Beroboka faritra Menabe

# Manomboka mirongatra ny andiam-balala

Manomboka mirongatra amin'izao fotoana ny andiambalala any atsimon'ny faritra Menabe, ny marimarina kokoa any amin'ny kaominina Beroboka distrikan'i Morondava. Manomboka manimba ireo voly izay sendra azy izany andiam-balala any an-toerana izany, araka ny vaovao voaray. Mbola tsy misy ny fanafody hamonoana izany valala izany aloha hatreto. Velon-taraina amin'ny fahapotehan'ny famokarana nataony arak'izany ny mponina any amin'iny faritra Menabe iny.

***Stefa***



*Valala misy any Beroboka, faritra Menabe.*

Antanandrano Avaradrano

# Miandahy miambavy ny mpangalatra moto





*Ireo olon-dratsy sy ireo moto nangalariny.*

Miandahy miambavy ny mpangalatra moto eny Antanandrano, ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano. Tratra niaraka tamin'ireo moto miisa 4 nangalariny. Tambazotrana mpangalatra moto eny Antanandrano: lehilahy miisa 4 sy vehivavy 01, no ravan'ny Polisy omaly maraina. Moto miisa 04: Bws 02 sy Jr 01 ary Jog 01, no tratran'ny Polisy tao amin'ilay trano. Efa voazara ny andraikitr'ireo olondratsy, ao ny mangalatra , ao ny manafina ny entana halatra ary ao ny mitady mpividy. Fantatra ihany koa, fa mpanaparitaka zava-mahadomelina eny amin'ny faritra Antanandrano iny ireto olon-dratsy ireto.

***Stefa***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**19/02/2022 hatramin'ny 26/02/2022**

- **ANKAZOMANGA** ( Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (‡ 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1265-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FONDATION BOA MADAGASCAR**

# Nanolotra fanampiana 120 tapitrisa Ar ho an'ny traboina any Mananjary

Paty miisa 6000 "Paquets", Savony miisa 100 baoritra, labozia miisa 50 baoritra,"Sardine" miisa 5000 boaty. Ireo no fanomezana voalohany natolotry ny "Foandation Boa-Madagascar", ho an'ny Bngrc ny herinandro teo tetsy Antanimora, ho fanampiana an'ireo mpiray tanindrazana traboina any amin' ny tanànan'i Mananjary any amin'ny faritra Vatovavy, noho ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai. Nilaza Ramatoa Rafalimanana Landy, tompon'andraikitra iray ao amin'ny "Fondation Boa-Madagascar", fa ankoatran'ny fanomezana sakafo dia hisy ihany koa ny fanavaozana an'ireo tranom-pianarana any amin'iny faritra Mananjary iny, izay ravan'ny fandalovan'ny rivodoza, ao anatin'izany ny fanamboarana ny tranontsekoly fanabeazana fototra miisa 2 (Epp Fangato; Epp Andovosira), eo ihany koa ny fanamboarana Lisea iray any an-toerana. Nilaza ity tompon'andraikitra ity, fa tokony hanamafy ny firaisankina ny olom-pirenena amin'ny alalan'ny fanaovana tolo-tanana ho an'ny mpiray tanindrazana any amin'ny faritra Vatovavy, sy ny faritra Fitovinany ary ny faritra Atsimo Atsinanana amin'izao fotoantsarotra lalovan'ny firenena izao.


***Franck Razakambelo***




***Ny avy amin'ny Fondation BOA, nanolotra fanampiana teny amin'ny BNGRC, ho an'ireo traboina any Mananjary.***

Boriboritany faha-5 Antananarivo

# Hetran-trano natao kitoatoa




***Filazan-ketra kitoatoa ataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA).***


Nahoraka be tamin'ny faran'ny herinandro teo iny teny amin'ny Boriboritany faha-V, teto Antananarivo Renivohitra, fa hetran-trano tsy ara-dalàna, mihoa-pampana no sendra ireo tompon-trano raha vao naharay ilay taratasy fandoavana hetran-trano ry zareo. Tsy hita intsony ny hoe : ohatrinona mazava ny hetra aloa raha trano vao naorina latsaky ny folo taona sy ipetrahan'ny tompony, tsy fantatra ihany koa sy tsy mazava ny tombana samihafa nanaovana ny kajy, satria toa lasa avo roa heny na telo heny avy hatrany raha atao tombana tsotra. Tsorina fa na ny solombavambahoaka Naivo Raholdina aza moa tamin'ny faran'ny herinandro teo, dia nilaza fa ireo izay mahatsapa io fisondrotana io araka ny fifanatonana efa nataony tamin'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina, dia nasainy nanao fitarainana eny amin'ny kominina avokoa, mba hahitana ny marina sy ny tokony hatao amin'ity resaka hetran-trano ity. Betsaka ny tsy mety amin'io taratasin-ketra aparitaka io hoy ny rehetra, toy ny hoe : fitambaran'ny aloha raha aloa no izy (total à payer ), ao koa ny tsy fisian'ny sora-bola mazava, tsy voafaritra hoy ilay vazaha sendra anay ny hoe: ariary sa Fmg, ka lasa mampivadi-po Ihany hoy ny rehetra, satria raha 1hetsy ariary no efa fandoa mahazatra nefa 495200 (??? ) no mivandravandra eo, dia efa kitoatoa daholo no ilazana izany hoy ny antsoantso azon'ny mpanao gazetinay. Marobe eto am-pamaranana ireo nangataka, fa tokony homena mazava ny fomba fikajiana (mode de calcul ) io hetran-trano io, raha misy hofan-trano dia ahoana ny hanaovana io kajy io, ohatrinona ny takiana isan-taona, aiza ho aiza ny velaran'ny trano sy ny rihana amin'izany? moa ve mifanaraka amin'ny haba atovana amin'ny hetrantrano sy ny tombontsoan'ny tompon-trano izany, sns…

***Beharo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 385**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0384)

***Mitsivalana***
- Bibilava
- Malaza (miv)
- Rano – BOA
- No
- Adinony
- Raiso (miv)
- Mahay – Ta

***Mitsangana***
- Barea
- Iza – Dia
- Bandy
- Ilo – Noa
- La – Nosy
- Ambony
- Tay (miv)
- Atao – Rà

### TENY MIFANAPAKA N° 385




**Mitsivalana**
**1.** Tsy manaiky – Hazandrano (miv) **2.** Tontosaina **3.** Fanampin'anarana – Vizana **4.** Ako tsy misy farany – Zava-maitso **5.** Esotra – Nivazo (miv) **6.** Nantsoina **7.** Milaza fananana – Foto-tongotra (miv) 8. Fanontaniana – Volana maro 9. Nikaon-doha miaraka – Tovona (miv) **10.** Metaly – Manaovalan-dresaka (miv)

**Mitsangana**
**A.** Bibilava **B.** Tafita – Mpanolotra **D.** Tampisaka – Fanehoana (miv) **E.** Fihaonam-be – Maro loko (miv) **F.** Tsirin-teny Iharana – Ak‡na vao mitombo (miv) – Taova (miv) **G.** Farihy goavana **H.** Karazan'omby (miv) – Ila, iry (miv) **I.** Ireo nateraka **J.** Nolatsain'ny ratsy natao (miv) **K.** Tsiro – Mahamay (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0384

**Mitsivalana**
**1.**Bisikileta **2.** Aba - Sola (miv) **3.** Olombelona **4.** Lokoana - Ti **5.** (H)ita - Ray - (N)on(o) **6.** No - Fo - Nosy **7.** Aizat? - Bara **8.** Nefa - Tia (miv) **9.** Tara - Alina **10.** Aorianao

**Mitsangana**
**A** Baolina **B.** Lotoina **D.** Saoka - Zera **E.** Omby (miv) - Fafao **F.** Kabaro **G.** Ena - A.I **H.** Lalaina - La **I.** Elo - Niaro (miv) **J.** Tontosaina **K.** Asaina - Tao

## NY TENY FIAINANA

*"Ary ny Tompon'ny fiadanana anie hanome anareo fiadanana mandrakariva amin'ny zavatra rehetra. Ho aminareo rehetra anie ny Tompo".*
***II Tesaloniana 3:16***

ORANGE PRO LEAGUE

# Tanteraka avokoa ireo lalao andro faha-9

Tontosa avokoa ireo lalao tafiditra ao amin'ny andro faha-9, amin'ny fifanintsanana baolina kitra « Orange Pro League Malagasy », izay notontosaina tamin'ny sabotsy 19 sy alahady 20 febrary 2022 lasa teo, ka nampisondina hatrany ny Fosa Juniors Fc, mbola mitarika an'isa vonjimaika ao amin'ny vondrona « Conférence Nord » manana isa 23 (+14), arahan'ny Cosfa isa 15 (+2) ary ny As Fanalamanga isa 14 (+2).
Ao amin'ny vondrona « Conférence Sud » kosa dia lasa ny Cffa manana isa 17 (+6) indray, no eo amin'ny laharana voalohany ankehitriny, arahan'ny Disciples Fc isa 15 (+6) sy ny A. Dato Fc isa 13 (+2).
Voka-dalao rehetra tamin'izany andro faha-9 izany :
As Fanalamanga 3-3 Jet Kintana, Cosfa 2-1 Five Fc, Fosa Juniors Fc 3-1 Uscafoot, Tia Kitra Fc 2-1 Ajesaia, Cffa 1-0 Zanakala Fc, Disciples Fc 1-1 A.Dato Fc, 3Fb Toliara 1-1 Jfc Toliara, Mama Fca 0-2 Elgeco Plus.
Marihana fa mbola "à huis clos" hatrany, ireo lalao tanterahina eto Analamanga, sy any Vakinankaratra ary any Matsiatra Ambony hatreto.
Toy izao kosa ireo fandaharan-dalao hatrehana amin'ny andro faha-10, ho tanterahana amin'ny sabotsy 26 sy amin'ny alahady 27 febrary 2022 ho avy izao :
Ajesaia # As Fanalamanga (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"), Fosa Juniors Fc # Tia Kitra Fc (kianja "Rabemananjara Mahajanga"), Uscafoot # Five Fc (kianja "Stade Municipal Alarobia"), Cosfa # Jet Kintana (kianja Complexe Sportif Cnaps Vontovorona"), A. Datoo Fc # Elgeco Plus (kianja "Stade Moderne Ampasambazaha"), Disciples Fc # 3Fb Toliara (kianja "Stade Velodrôme Antsirabe"), Jfc Toliara # Cffa (kianja "Maître Kira Toliara"), Mama Fca # Zanakala Fc (kianja "Stade Moderne Ampasambazaha").

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc 2022.*

Baolina kitra Orange Pro League Malagasy

# Tafididra ho fianakaviamben'ny WLF

Hanamarika ny fifaninanana baolina kitra D-1 Orange Pro League Malagasy, ny nahatafidirany ao anatin'ny fiankaviamben'ny WLF "World Leagues Forum", hitambaran'ireo fifaninanana lehibe maneran-tany ankehitriny toy ny: " ny Premier League Anglaise", ny "la Ligue 1 Française", ny "la Série à l'Italienne", ny "la Liga Espagnole", ny ny Bundesliga Allemande" ary koa ny "Nigeria Professional Soccer League", ny "le DSTV Premiership de l'Afrique du Sud" ary ny "le Castle Lager Premier Scooler League du Zimbabwe sns…
Nampahafantarin'ireo tompon'andraikitry ny CFEM ny mpanao gazety teny Ivandry ny zoma teo, ny fanaovany Sonia ny fidirana ao anatin'ity WLF ity, ka nitondran'ny Sekretera Jeneralin'ny WLF, Andriamatoa Jerôme Perlumuteur, nivantana tamin'ny alalan'ny fireseresahana tamin'ny alalan'ny fifandraisana nampitain-davitra ny antsipiriany mikasika an'ity WLF ity, sy ny fomba fahazoana miditra ho mpikambana ao anatiny ary nohamafisin'Andriamatoa filohan'ny CFEM ihany koa izany.
Nilaza ny ho avy tsy ho ela aty Madagasikara, hiresadresaka misimisy kokoa amin'ireo klioba OPL Malagasy ny tompon'andraikitry ny CFEM ity Sekretera jeneralin'ny WFL ity.
Nambaran'ny Sekretera jeneralin'ny CFEM, Mirado Rakotoharilala kosa, fa teny famporisahana ankolaka ny ekipa Pro League Malagasy hiroso amin'ny sehatry ny matihanina tanteraka ity fidiran'ny OPL ao amin'ny WLF ity.

***Rainilita***

*Sary famantarana ny Orange Pro League Malagasy.*

Basket-ball

# Nahazo filoha vaovao koa ny CRA Atsimo Andrefana



*Ny Filohan'ny CRA Atsimo Andrefana.*

Nahavita ny fifidianana ny azy koa ny CRA (Commission Regionale des Arbitres) Atsimo Andrefana, ka lany ho filoha tamin'izany Andriamatoa Voasaotse Mamady,
Filoha lefitra : Andriamanantena Hobeny,
Sekretera Jeneraly : Talefano Nestor,
Mpitambola : Rasoanirina Charlotte,
Ireo mpanolotsaina :
Ngisy Arthur,
Raharison Julien,
Tantely Nomenjanahary,
Simon Joseph.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy legioma indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Ny legioma hampiasaina dia karaoty, ovy, korzety, saosety, tongolo. Hatao ridritra izany, na hatao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny dite hoditr'akondro

Ny soa azo avy amin'ny hoditr'akondro indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tena mahasoa ny hoditr'akondro, ary maro ny zavatra mety ampiasana azy.



Ireo singa hita ao amin'ny hoditr'akondro:
- Potassium,
- Vitamine C, B6,B12,
- Magnésium,
- Fibre.

Ireo zava-tsoa azo avy amin'ny dite hoditr'akondro:
- Manala stress na rarintsaina,
- Mampidina tosi-drà.
-Manampy amin'ny fandevonana sakafo.
- Miaro amin'ny mitohana na constipation, ary manala fitohanana koa.
- Manampy ny olona hahita tory.
- Tsara ho an'ny maso.
-Tsara hoan'ny fo.
- Manala tavy, mampihena vatana.

Fomba fikarakarana azy :
Maka rano 1 litatra ampangotrahana, rehefa mangotraka ny rano dia alaina ny hoditr'akondro 1 voasasa madio tsara dia alefa ao amin'ilay rano mangotraka, ka ampangotrahana mandritra ny 10 min dia esorina avy eo. Afaka sotroina avy hatrany, afaka asiana poudre cannelle rehefa hisotro azy, afaka tsy asiana arak'izay tiana.
Manao vaovao isan'andro raha te hisotro, fa tsy afaka tehirizina. Afaka sotroina amin'ny fotoana rehetra. Afaka manao azy ity na olona misy tosi-drà na diabetika.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Trangahy any amin'ny distrikan'Antsalova, faritra Melaky

Ny tanànan'i Trangahy any amin'ny distrikan'Antsalova, faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Trangahy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antsalova. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy, 29 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ny 60% ny mponina any Trangahy dia mpamboly sy mpiompy, ny 20 isan-jato mpanjono sy miasa amin'ny sehatry ny jono. Vokatra any ny vary, ny katsaka, ny akondro ary ny mangahazo.

